Mpiara-miombon’antoka

- ***Ministeran’ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy :*** **rafitra mpiahy.**
- ***Sampan-draharaham-paritry ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovainjafy, Faritra Atsimo Andrefana :*** **miantoka ny maha ara-dalàna ny tetikasa ary manome torohevitra sy fanohanana.**
- ***Komity mpanolo-kevitra sy mpanara-maso (COS) :*** **manoro sy mitari-dàlana ny tetikasa mba hifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'ny Fanjakana.**
- ***MBG, Fandaharanasa momba ny fikarohana sy fiarovana ny zavaboary eto Madagasikara :*** **mpitantana ny tetikasa sy ny famatsiam-bola.**
- ***FRAM*** **: mpanatanteraka ny tetikasa eny ifotony.**
- ***Lonaky*** **: miaro ny tombontsoan’ny mponina manodidina.**

Fanazavana fanampiny

Dr Tabita Randrianarivony
Missouri Botanical Garden
Fandaharanasa fikarohana sy fiarovana ny zavaboary, Madagasikara BP3391
Antananarivo 101
+261 20 22 324 82
tabita.randrianarivony@mobot.mg

Mpamatsy vola

« The Darwin Initiative » fandaharanasa famatsiam-bola avy amin'ny Governemanta anglisy ho fanohanana ireo firenena manankarena amin'ny fahasamihafàn'ny zavamananaina nefa osa ara-bola, mba hanatratrarana ny tanjon'izy ireo amin'ny alàlan'ny fifanarahana mifandraika amin'ny zavamananaina isan-karazany, toy ny ny Fifanarahana momba ny fahasamihafàna ara-haiaina (CDB).

FARITRA AROVANA ATAO HITONDRA TOMBOTSOA: VOA HO AN’NY FANABEAZANA

Fanomezan-danja ny Alandraza Agnalavelo, mba ho faritra arovana vaovao mpamatsy voa ho entina hambolena sy hamerenana ny ala simba eto Madagasikara sady hanohanana ny fanabeazana eny ifotony.

DARWIN INITIATIVE

Fintina

Misedra fanamby maro ny fiarovana ireo karazan-javamananaina tsy manam-paharoa eto Madagasikara, anisan'izany ny filàn'ireo mponina sahirana mivelona manamorona ny faritra arovana izay mitady tombontsoa bebe kokoa avy amin'ireo toerana ireo, eo ihany koa ny tsy fisian'ny sehatra mpamatsy voankazo zanatany manaraka ny fenitra takiana sy azo antoka, mba ahafahana mandray anjara amin'ny drafi-panajariana momba ny fambolen-kazo ho an'ny firenena. Hiaraha-miasa amin'ireo Fikambanan'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra avy amin'ireo sekoly amin'ny tànana manodidina ny alan'Analavelona ao Sakaraha izahay mba hampiroboroboana ny rohim-pamokarana voa, izay mety hamahana miaraka ireo olana roa ireo.

Toerana

Vokatra andrasana manokana

- Fanabeazana ny zaza mihatsara ao amin'ireo sekoly 3 manakaiky an'Analavelona.
- Voankazo zanatany manana kalitao tsara, hita sy ampy ho an'ny tetikasa mba ho fameloma-maso ny fambolen-kazo any amin'ny faritra atsimo andrefan'i Madagasikara.
- Fanombohana fandrarahana ara-barotra misahana ny famatsiana voa mahomby, mizaka tena ary afaka manohy ny fandrarahana ara-barotra aorian'ny fahataperan'ny tetikasa.
- Mpitantana faritra arovana hafa eto Madagasikara afaka manombana ny tetikasa sy ny maha-zava-dehibe ny fampiharana mety atao any amin'ny toerana iasany avy.

Asa hatao

1. Manazava ny tetikasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka (isan'izany ireo solontenan'ny MEDD, DREED, FRAM ary Lonaky) ary manitsy ny drafitrasa arakaraka ny soso-kevitr'izy ireo.
2. Mandray an-tanana mpampianatra vaovao miisa 3 mba ho tompon'andraikitra amin'ny fanentanana, mpanangona voa sady mpisafo ala miisa 12 ary vehivavy mpikarakara tanin-janakazo miisa 12.
3. Mamolavola torolalana momba ny fitondrana tsara tantana miaraka amin'ireo FRAM, ary manome fanohanana amin'ny fampiharana izany.
4. Mamantatra karazan-kazo zanatany, tena tadiavina miisa 20 eo ho eo izay mety ilaina amin'ny fambolen-kazo.
5. Mampiofana ireo mpanangona voa sy vehivavy mpikarakara tanin-janakazo.
6. Mametraka tanin-janakazo miisa 3 (manakaiky ireo sekoly mpiara-miombon'antoka) ary miantoka ny fampitaovana ampiasaina an'ireo tanin-janakazo ireo.
7. Mampiofanana ireo mpanangona voa eny ifotony momba ny fomba fanangonana, fanomanana ary fitehirizana voa sy ny fandefasana izany any amin'ny sampana ara-barotra ary ny fanaparitahana ny zanakazo hanaovana andrana.
8. Mametraka sy manara-maso ireo andrana atao amin'ireo karazan-kazo tena tadiavina ary mizara ny vokatra azo isaky ny karazan-kazo amin'ny tranokalan-tserasera fivarotana.
9. Mitady ary mampiasa mpandraharaha ara-barotra miisa 2 sy mpitantana miisa 2 avy amin'ireo mpianatra any an-toerana manana diplaoma amin'izany, mametraka birao ao Sakaraha hisahana ny fandraharahana ara-barotramanara-dalàna.
10. Manohana ny sampan-draharaha ara-barotra amin'ny famoronana sy fikirakirana tranonkalan -tserasera ara-barotra mba hisarihana ireo mpividy, sy mba hahazoana vola afaka ampiasain'ny FRAM.
11. Mizara ny vokatry ny tetikasa amin'ny alàlan'ny tambazotran-tserasera, ny tranokalan-tserasera , ny atrikasa, ary fandraisana ireo mpitsidiaka izay mety ho liana amin'izany.